

FIOFANANA AMPITAIN-DAVITRA HO AN'NY TANORA

# FIVOARAKO

## FANDRINDRANA NY FIOFANANA (1)

| | |
|---|---|
| **1-IZA NO MPAHAZO TOMBOTSOA ?** | TANORA 14 TAONA KA HATRAMIN'NY 30 TAONA (NA 35 TAONA) |
| **2-SOKAJY TANORA MANAO AHOANA ?** | TANORA TSOTRA, MPIKAMBANA AO ANATY FIKAMBANANA, AO AM-PIANGONANA, MPIANATRA (SEKOLY), ENY AMIN'NY FOKONTANY, MPANAO FANATANJAHANTENA (CLUBS) SNS.... |
| **3-AIZA NO HATSAKANA NY FIOFANANA ?** | -VOATAHIRY AO ANATIN'NY TRANOKALAM-PIOFANANA "YESSKILLSMADERA" NY RAKIM-PIOFANANA REHETRA, AMIN'NY ENDRIKA ROA (FEO, SORATRA) HO AN'NY MODULES 12, MITSINJARA MANDRITRA NY 07 HERINANDRO (JEREO NY VOTOATIN'NY FIOFANANA FIVOARAKO)<br>-AZO ATSAKAINA AO ANATIN'NY TRANOKALA ISAN-KERINANDRO NY FIOFANANA ARAKA NY FANDAMINANA |
| **4-AHOANA NO FEPETRA AHAFAHANA MISITRAKA FIOFANANA ?** | -RAHA TOKONY HO 4 HETSY ARIARY FARAFAHAKELINY NO VIDINY FIOFANANA DIA NOFERANA HO **1.000 ARIARY ISAN-KERINANDRO, 7.000 ARIARY NO TOTALINY (7 HERINANDRO, 12 MODULES).**<br>**-**IZAY TANORA VOASORATRA ANARANA AO ANATY TRANOKALA IHANY NO AFAKA MISITRAKA FIOFANANA, TOKANA TSY AZO SARAHINA SATRIA MIFAMENO NY MODULES 12 (TSY AZO ATAO HOE MODULES 4, NA MODULES 5 SAFIDINA, FA TSY MAINTSY IZY 12)<br>-MAHAZO FANAMARINAM-PIOFANANA NA ATTESTATION DE FORMATION NY TANORA MPIOFANA ISAMBATAN'OLONA REHEFA NAHAVITA SOAMANTSARA NY MODULES 12 |
| **5-IZA NO ANTSOINA HOE SAKAIZAN'NY TANORA FIVOARAKO NA STF ?** | FIKAMBANANA NA OLON-TSOTRA NAHAVITA **FIFANARAHANA (CONTRAT)** FA HIANDRAKITRA MANOKANA : A- NY FANENTANANA NY TANORA HIOFANA, B- NY FANORATANA NY ANARAN'IREO TANORA RESY LAHATRA AO ANATY TRANOKALAM-PIOFANANA ISAN-KERINANDRO, D-FATSAKANA ISAN-KERINANDRO AO ANATY TRANOKALA IREO RAKIM-PIOFANANA VOAMANA (FEO, SORATRA), E-FANOMEZANA VONDRON'NY TANORA MPIOFANA NY RAKIM-PIOFANANA, F-FANORATANA AO ANATY TRANOKALA NY TOMBANA FINTINA ISAKY NY MODULE VITAN'NY VONDRON'NY TANORA |



FIOFANANA AMPITAIN-DAVITRA HO AN'NY TANORA

# FIVOARAKO

## FANDRINDRANA NY FIOFANANA(2)

| | |
|---|---|
| **6-VONDRON'NY TANORA MANAO AHOANA NO SAHANIN'NY SAKAIZAN'NY TANORA FIVOARAKO NA STF IRAY ?** | -NY **STF "FIKAMBANANA"** DIA MIANDRAIKITRA MANOKANA IREO VONDRON'NY TANORA MPIKAMBANA AO AMINY : NA EO AMIN'NY SEHATRA NASIONALY, NA ENY ANIVON'NY FARITRA, NA ISAKY NY SYNODA, NA ISAKY NY DISTRIKA, NA ISAKY NY FILEOVANA.......<br>-NY **STF "OLON-TSOTRA" (METY HO OLONA IRAY NA MAROMARO MITAMBATRA)** DIA MIANDRAKITRA IREO VONDRON'NY TANORA AVY AMIN'NY SEHATRA MAROLAFY (SEKOLY, FOKONTANY, MPANAO FANATANJAHANTENA, VTI, FIKAMBANANA MARO SAMIHAFA) EO ANIVON'NY **DISTRIKA** NA **KAOMINA** IRAY |
| **7-INONA NO TOMBOTSOA AZON'NY STF IRAY HO TAMBIN'NY ANDRAIKITRA NORAISINY ?** | -AO ANATIN'NY **FIFANARAHANA (CONTRAT)** NY STF IRAY (FIKAMBANANA, OLON-TSOTRA) DIA **MISITRAKA 10%** NY VOLA AROTSANY ISAN-KERINANDRO AO AMIN'NY TRANOKALAM-PIOFANANA, AZO AVY AMIN'NY FISORATANA ANARANA ATAON'NY MPIOFANA<br>-NY TOTALIMBOLA VOAROTSAKIN'NY STF AO ANATY NY TRANOKALAM-PIOFANANA IHANY NO HAKANA NY 10% AVERINA AMINY ISAN-KERINANDRO |
| **8-IZA NO ANTSOINA HOE MPANDRINDRA STF ARY INONA NO TOMBOTSOANY MANOKANA ?** | -NY RAFITRA NASIONALY NA ISAM-PARITRA (NA SYNODALY) NY STF "RAFITRA" NO ANTSOINA HOE MPANDRINDRA STF ; IZAY MISAHANA MANOKANA NY FANDRINDRANA SY FANARAHA-MASO NY ASAN'IREO STF "FIKAMBANANA" EO AMBANY FIFEHEZANY<br>-ISAKY NY FARITRA IHANY KOA DIA MISY MPANDRINDRA STF MANOKANA IZAY APETRAKY NY MPANOFANA MBA HANDRINDRA SY HANARA-MASO NY ASAN'IREO STF "OLON-TSOTRA" REHETRA<br>-NY MPANDRINDRA STF DIA MISITRAKA 5% NY TOTALIMBOLA VOAROTSAKY NY STF NA EO ANIVON'NY FIKAMBANANA (HO AN'NY STF FIKAMBANANA), NA ENY ANIVON'NY FARITRA (HO AN'NY STF "OLON-TSOTRA" |



FIOFANANA AMPITAIN-DAVITRA HO AN'NY TANORA

# FIVOARAKO

## FANDRINDRANA NY FIOFANANA(3)

| | |
|---|---|
| **9-NY FIAROVANA NY ZON'NY MPAMORONA (DROIT DE PROPRIETE INTELLECTUELLE)** | -ARAKA NY VOARAKITRA AO ANATIN'NY FIFANARAHANA (CONTRAT) DIA VOARARA SY VOASAZY NY LALANA NY ENDRIKA FIVAROTANA AN-TSOKOSOKO NY MODULES REHETRA AO ANATIN'NY RAKIM-PIOFANANA FIVOARAKO |
| **10-IZA NO ANTSOINA HOE SOKAJY FOTOTRA FANABEAZANA FIVOARAKO NA SFF FIVOARAKO ?** | -NY FIOFANANA DIA TANTERAHINA ENY ANIVON'NY VONDRON'NY TANORA MPIOFANA NA ILAY ANTSOINA HOE **SOKAJY FOTOTRA FANABEAZANA NA SFF "FIVOARAKO" (UNITE EDUCATIVE FIVOARAKO) :** NA ENY ANIVON'NY SEKOLY, NA ENY ANIVON'NY SAMPANA, NA ENY ANIVON'NY FIKAMBANANA, NA ENY ANIVON'NY VTI, NA ENY ANIVON'NY FOKOTANY, NA ENY ANIVON'NY KLIOBA FANATANJAHANTENA....<br>-NY **SFF FIVOARAKO** TSIRAIRAY DIA MIFIDY "**TANORA MPANABE OLON-TSAHALA" NA JEUNES PAIRS EDUCATEURS NA JPE IRAY** NA VITSIVITSY, MPIKAMBANA AO AMINY MBA HANENTANA SY HANDRINDRA NY FIOFANANA ISAKY NY MODULES HO AN'NY TANORA MPIOFANA REHETRA ARY HAMPIFANDRAY MIVANTANA SY TSY TAPAKA NY TANORA MPIOFANA AO ANATY SFF AMIN'NY STF FIKAMBANANA NA NY STF OLON-TSOTRA<br>-NY TANORA MPANABE OLON-TSAHALA NA JPE NO MITONDRA NY LISITRY NY TANORA HIOFANA SY NY SARAM-PIOFANANA ATERINA ISAN-KERINANDRO ENY ANIVON'NY STF IZAY MIANDRAIKITRA AZY; NY VOLA ALOA REHETRA DIA TSY MAINTSY MISY ROSIA FANAMARINANA AZY |
| **11-AHOANA NY FANDAMINANA NY FIOFANANA AO ANATY SFF FIVOARAKO IRAY ?** | -NY SFF FIVOARAKO IRAY DIA TOKONY HANANA FLASH DISK NA USB IRAY (01) SY RADIO CARTE MANDEHA AMIN'NY MASOANDRO IRAY (01) FARAFAHARATSINY<br>-NY JPE NO MAKA NY RAKIM-PIOFANANA ISAN-KERINANDRO ANY AMIN'NY STF FIKAMBANANA, NA STF OLON-TSOTRA<br>-ALEFA ISAKY NY MODULE NY FIOFANANA KA MIARAKA DAHOLO NY TANORA MPIKAMBANA : MIARA-MIHAINO, MIARAKA MAMAKY, MANDRA-PAHAZAHOANY REHETRA<br>-ISAKY NY VITA NY MODULE DIA MISY TOMBANA FINTINA IARAHANY REHETRA MAMENO, IZAY ATERINA ANY AMY STF |